



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitivana - Tamindrazana - Fandrosoana

**LOI n° 2016 – 020
SUR LA LUTTE CONTRE LA
CORRUPTION**



**LALANA laharana faha 2016-020
MOMBA NY ADY AMIN'NY
KOLIKOLY**



Nations Unies
Consolidation de la paix
UN PBF - Fonds pour la
Consolidation de la Paix





REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

LOI n° 2016 – 020
SUR LA LUTTE CONTRE LA CORRUPTION

FIADIDIAN'NY REPOBLIKA

LALANA laharana faha 2016-020
MOMBA NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY

EXPOSE DES MOTIFS

Madagascar a fait le choix de lutter contre la corruption en mettant en place un ensemble de programme et d'initiative de lutte contre la corruption dès 2003. Après plus d'une dizaine d'années de mise en œuvre de ces initiatives contre la corruption, dont la première Convention sur la stratégie nationale de lutte contre la corruption signée en 2004, les résultats escomptés n'ont pas été atteints. La corruption est toujours identifiée comme étant le premier obstacle au développement de Madagascar et elle est non seulement persistante mais a gagné du terrain dans un contexte généralisé d'instabilité politique et institutionnelle et d'affaiblissement de l'Etat.

Le rétablissement de l'ordre constitutionnel a été l'occasion de réaffirmer au plus haut niveau, la volonté de Madagascar et de son peuple de renforcer la lutte contre la corruption. Il s'agit de restaurer la confiance en l'Etat, entre autres, par le renforcement de l'Etat de droit.

La Constitution de la IVe République a consacré les thèmes de bonne gouvernance et de lutte contre la corruption. C'est ainsi que le renforcement de la lutte contre la corruption figure parmi les priorités de l'Etat et est inscrit au même titre que le développement du pays, la bonne gouvernance ou la lutte contre la pauvreté dans les politiques publiques.

Une nouvelle stratégie nationale de lutte contre la corruption a été adoptée pour pallier aux insuffisances des dix premières années de mise en œuvre de la première stratégie nationale et surtout pour libérer le développement de Madagascar de l'emprise de la corruption.

Cette stratégie nationale prévoit un certain nombre de réformes et de renforcement du cadre institutionnel et législatif de l'ensemble du système de lutte contre la corruption.

Ainsi la présente loi apporte des modifications ou des ajustements aux dispositifs de prévention de la corruption, notamment une gestion dynamique et harmonisée de la déclaration de patrimoine, la notion d'incompatibilité de l'exercice de fonctions aux hauts emplois de l'Etat avec une poursuite pour des infractions de corruption ou y assimilées telles que mentionnées dans la présente loi, et la mise en place d'une politique sectorielle de prévention et de

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Madagasikara dia nandray ny safidy ny hiady amin'ny kolikoly tamin'ny alalan'ny fametrahana ny fandaharan'asa sy ny fandraisana andraikitra hanoitra ny kolikoly ny taona 2003. Taorian'ny folo taona mahery, nampiharana ireo hetsika miady amin'ny kolikoly, toy ny fifanekena voalohany momba tetik'ady manohitra ny kolikoly izay nosiniavina ny taona 2004, dia tsy tratra ireo vokatra nandrandraina. Voafaritra foana ny kolikoly tahaka ny sakana voalohany ho amin'ny fandrosoan'i Madagasikara, ary tsy vitany hoe lali-paka fa nahazo toerana teo amin'ny sehatry ny tsy fahamarinan-toerana ara-politika sy naha-maivan-danja ny fanjakana.

Ny famerenana amin'ny laoniny ny lalàm-panorenana dia nahafahana nanamafy amin'ny fara tampony, ny hambom-pon'i Madagasikara sy ny vahoakany ny hanamafy ny ady amin'ny kolikoly. Izay tsy inona fa ny famerenana indray ny fitokisana amin'ny fanjakana amin'ny alalan'ny fanamafisana ny fanjakana tan-dalàna.

Ny lalàm-panorenan'ny Repoblika faha 4 dia nametraka ireto loha-hevitra ireto, dia fahaiza-mitantana sy ny ady amin'ny kolikoly. Izay no nahatonga ny fanamafisana ny ady amin'ny kolikoly hisoritra ao amin'ireo laharam-pahamehan'ny fanjakana, dia ny mba hitovy laharana amin'ny fampandrosoana ny firenena, fitondrana tsara tantana ary ny ady amin'ny fahantrana ao anatin'ireo politikam-panjakana.

Tetik'ady vaovao momba ny ady amin'ny kolikoly no nolania mba hamenoana ireto tsy ampy tamin'ny fampiharana ireo tetik'ady tamin'ny folo taona voalohany, ary indrindra mba hanafahana an'i Madagasikara amin'ny fanagejan'ny kolikoly mba hampandrosoana azy.

Ahitana fanavaozana maromaro sy fanamafisana ny rafitra, lalàna fototra amin'ny ady amin'ny kolikoly io tetik'ady vaovao io.

Araka izany, ity lalàna ity dia nitondra fanovana na fanitsiana ny amin'ireo fepetra hisorohana ny kolikoly, toy ny fitantanana mahery vaika sy milamina ny amin'ny fanambaram-pananana, ny momba ny tsy fahafahana manao asa hafa ho an'ireo asam-panjakana ambony, ny fandikana ireo dia mitarika fanenjehana momba ny kolikoly sy izay mifandraika amin'izany araka izay voalaza amin'ity

lutte contre la corruption.

La réussite de la lutte contre la corruption nécessite l'adhésion du public et la contribution de tous, à cet effet, la présente loi invite et recommande, à titre de devoir envers la nation, tous les secteurs d'apporter leurs contributions à la mise en œuvre du programme national de lutte contre la corruption.

Elle a, par ailleurs, introduit et/ou mis à jour certaines incriminations de la corruption et ses différentes manifestations telles que le détournement de deniers publics, les conflits d'intérêts, les formes passives et actives des incriminations de la corruption d'agents publics étrangers ou de la corruption dans le secteur privé, tout en introduisant des notions nouvelles comme la responsabilité pénale des personnes morales, la notion de tiers bénéficiaires qui sont désormais punissables en tant que tels, le détournements de deniers privés, la prescription à partir de la date de découverte de l'infraction, ainsi que le renforcement de certains dispositifs, notamment la protection des témoins, dénonciateurs, et agents chargés de la répression de la corruption, le renforcement des pouvoirs du Bureau Indépendant Anti-corruption (BIANCO).

Toute forme de corruption active comme passive, le fait de monnayer son influence réelle ou supposée pour attenter à la sincérité des votes ou élection publique, syndicale ou associative, le fait d'abuser de ses fonctions ou de son mandat aux fins d'influencer indument une élection ou un vote est réprimé dans le cadre de la présente loi.

Compte tenu du caractère discret et complexe de la constatation de certaines infractions de corruption et assimilée à la corruption, certaines dispositions de la présente loi dérogent celles des autres textes législatifs en vigueur.

Toutes ces réformes s'inscrivent dans le cadre de la mise en œuvre de la stratégie nationale de lutte contre la corruption et visent à améliorer notre dispositif de lutte contre la corruption afin que ceci corresponde au standard et pratiques internationaux. Les recommandations, issues de l'évaluation de Madagascar dans le cadre du programme d'évaluation par les pairs sous l'égide de l'United Nations Office on Drug and Crime (UNODC), sont ainsi prises en compte dans le cadre de la réforme de la loi anti-corruption.

Cette loi précise également les structures en charge de la lutte contre la corruption que sont le Comité pour la sauvegarde de l'intégrité (CSI), le Bureau

lalàna ity ary ny fametrahana ny politikam-panjaka sy ady amin'ny kolikoly.

Ny fahombiazan'ny ady amin'ny kolikoly dia mitaky ny fanohanana'ny rehetra, sy fandraisan'anjaran'ny tsirairay, noho izay antony izay dia miantso sy manasa ny rehetra, mba ho toy ny adidy amin'ny firenena, mba hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampiharana ny fandaharan'asam-pirenena manohitra ny kolikoly ity lalàna ity.

Ity lalàna ity koa dia nampiditra sy nanavao ireo fanamelohana sasany amin'ny kolikoly, ireo endrika isehoan'izany toy ny fanodikodinam-bolam-panjakana, ny fanaovana kolikoly eo amin'ireo mpiasam-panjakana, na ny kolikoly eo amin'ny sehatra tsy miankina, amin'ny alalan'ny fampidirana ny hevitra vaovao toy ny mahatompon'andraikitra amin'ny helok'ireo orinasa na fikambanana mizaka ny zo maha-olona, ny fanodikodinam-bola eo amin'ny sehatra tsy miankina, ny momba ny paik'andro hatramin'ny fotoana nahafantarana ny fandikan-dalàna, ary ny fanamafisana orina ireo fepetra sasany, toy ny fiarovana ny vavolombelona, ireo mpitaraina, ary ireo tompon'andraikitra amin'ny fanenjehana ny kolikoly, ny fanamafisana ny fahefan'ny Biraos Mahaleo-tena ladiana amin'ny kolikoly (BIANCO).

Ireo mety ho endrika kolikoly na mivantana na ankolaka, toy ny fividianana ny safidim-bahoaka amin'ny latsa-bato amin'ny fividianam-panjakana, sendika na fikambanana, ny fanararaotam-pahefana amin'ny asa na fotoam-piasana, mba hanovana ny safidim-bahoaka dia helohin'ity lalàna ity.

Amin'ny maha sarotra ny mahita fototra ireo fandikan-dalàna sasany momba ny kolikoly sy ireo mandray na mitovy aminy, dia ireo fepetra sasany amin'ity lalàna ity dia miala amin'ireo lalàna hafa manan-kery.

Ireo fanavaozana ireo dia tafiditra amin'ny fampiharana ny tetik'ady hiadiana amin'ny kolikoly ary mikendry ny hanatsarana ireo fitaovantsika hiadiana amin'izany mba hampifanandrify ireo amin'ny fitsipika sy fomba fanao iraisam-pirenena. Neverina ao anatin'ny fanavaozana ny lalàna miady amin'ny kolikoly koa ireo fangatahana avy tamin'ireo tombana momba an'i Madagasikara izay nataon'ny Biraon'ny firenena mikambana momba ny zava maha-domelina sy ny heloka be vava (UNODC).

Ity lalàna ity ihany koa dia manindry ireo rafitra miandraikitra ny ady amin'ny kolikoly tahaka ny « Comité pour la sauvegarde de l'intégrité » (CSI), Biraos

Indépendant Anti-corruption (BIANCO), le Sampandraharaha malagasy iadiana amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampihorohoroana (SAMIFIN), les Pôles Anti-Corruption (PAC) et l'agence en charge du recouvrement des avoirs illicites. Elle consacre de nouvelles orientations que sont le pouvoir de saisine d'initiative du Bianco.

Au-delà de tout cet ensemble de dispositifs de prévention et de répression, la réussite de la lutte contre la corruption repose sur une culture d'intégrité et de probité, aussi bien dans l'exercice de tout emploi public que dans le secteur privé ; La présente loi introduit l'insertion de programmes d'éducation sur la lutte contre la corruption et se rapportant aux valeurs qui les sous-tendent dans le système éducatif et de formations professionnelles.

L'objectif de cette loi est d'offrir un cadre législatif qui garantisse la réussite de la stratégie de lutte contre la corruption afin de garantir l'intégrité de l'exercice de toute fonction publique ou élective, ainsi que d'assainir les pratiques du secteur privé pour un environnement économique favorable au développement de Madagascar.

La présente loi comporte :

Le Titre I : « De la prévention et de la répression de la corruption » est composé de 5 Chapitres :

- le Chapitre I composé de 1 article concerne les « Généralités ». Cette rubrique « Généralités » donne définitions à certains termes juridiques utilisés dans la présente loi.

- le Chapitre II composé de 4 articles concerne « de la déclaration de patrimoine ».

En ce qui concerne la déclaration de patrimoine, la mise en cohérence des dispositions légales avec les dispositions Constitutionnelles en vigueur est proposée. La liste des personnes assujetties figure dans ce Chapitre.

- le Chapitre III composé de 4 articles concerne « Des dispositifs de la prévention de la corruption et de l'éducation de la population ».

Dans le cadre de la prévention de la corruption, la mise en place de dispositif

Mahaleo-tena ladiana amin'ny kolikoly (BIANCO), ny Sampandraharaha malagasy iadiana amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampihorohoroana (SAMIFIN), ireo tendro miady amin'ny kolikoly na (TMK), ny sampan-draharaha miandraikitra ny fanangonana ireo fananana tsy ara-dalàna. Mitondra koa toro-lalana vaovao ny amin'ny fandraisana andraikitra ny Birao mahaleo-tena miady amin'ny kolikoly.

Ny toe-tsaina mendrika sy marina eo ampanan-tanterahana ny asam-panjakana na eo amin'ny sehatra tsy miankina no mampahomby ny ady amin'ny kolikoly, ankoatr'ireo fomba entina misoroka, na manasazy ny kolikoly. Ity lalàna ity, dia nampiditra ny amin'ny fampidirana amin'ny fandaharam-pianarana ny ady atao amin'ny kolikoly, izay mifandraika amin'ireo soatoavina.

Ny tanjon'ity lalàna ity dia ny hanome tontolon'ny lalàna miantoka ny fahombiazan'ny tetik'ady miady amin'ny kolikoly, mba ahafahana miantoka ny fahamendrehana eo ampanan-tanterahana ny asam-panjakana na asam-pifidianana, ary koa mba hanadiovana ireo fomba fanaon'ny sehatra tsy miankina ho amin'ny tontolo ekonomika mahafinaritra ho amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

Hita ao amin'ity lalàna ity :

Lohateny I : « Fisorohana sy fanasaziana ny kolikoly » izay ahitana toko 5 :

- Toko I, misy andininy 1 mikasika ny « Ankapobeny ».
Io andininy « Ankapobeny » io dia manome ny famaritana ireo voambolana sasany mikasika ny lalàna izay ampiasaina ato amin'ity lalàna ity.
- Toko II, misy andininy 4, momba ny « fanambaram-pananana ».

Raha ny momba ny fanambaram-pananana dia natao hifanindran-dalana amin'ny andininy voalazan'ny lalam-panorenana ny voalazan'ny lalàna. Ny lisitr'ireo olona tokony hanao fanambaram-pananana ireo dia voasoritra ao amin'io toko io.

- Toko III, misy andininy 4 momba ireo « fepetra hisorohana ny kolikoly sy ny fanabeazana ny mponina ».

Ao anatin'ny sehatra hisorohana ny kolikoly, ny fametrahana amin'ny toerany

de lutte contre la corruption est instituée dans tous les secteurs pour que les mesures prises fassent office de balises aux, éventuels, non-respect des textes et violation des dispositions légales et réglementaires dans le cadre des relations entre les personnes physiques ou morales de droit privé et celles de Droit public.

L'aspect du renforcement de l'éducation bénéficie aussi d'une réforme par l'insertion dans le curricula de formation, des élèves dans les écoles primaires et secondaires, le volet intégrité.

- le Chapitre IV composé de 28 articles concerne « Des amendements relatifs aux dispositions du code pénal malagasy et du code de procédure pénale » ;

Une certaine modification du Code pénal et des infractions assimilées à la corruption sont instituées dans le cadre de cette réforme en vue de renforcer les incriminations et les sanctions.

- le Chapitre V composé de 2 articles concerne « Des effets des infractions de corruption » ;

Des dispositions prévoient la possibilité par voie judiciaire de procédure de saisis, de gel ou de confiscation des revenus ou biens illicites. Tout contrat, licence, permis ou autorisation induit par corruption est de plein droit nul et de nul effet.

Le Titre II : « Du cadre institutionnel » est composé de 5 Chapitres :

- le Chapitre I composé de 2 articles concerne « des entités en charge de la lutte contre la corruption » ;

La liste des entités en charge de la lutte contre la corruption figure dans ce Chapitre.

- le Chapitre II composé de 2 articles concerne « de la garantie d'indépendance et de l'obligation de rendre-compte du Bureau Indépendant anti-corruption ».

Une obligation de rendre-compte est instituée en contrepartie de la garantie légale d'indépendance accordée au Bureau Indépendant Anti-corruption.

- le Chapitre III composé de 11 articles concerne « Des missions et pouvoirs du Bureau Indépendant Anti-corruption ».

ny fomba hiadiana amin'ny kolikoly, dia natsangana ao anatin'ny sehatra rehetra, mba ahafahana ireo fepetra ireo ho fefy ny ho amin'izay ho mety tsy fanajana na fanitsakitsahana ny lalàna sy ny fifampitondrana eo amin'ny fifandraisan'ny olon-tsotra, na fikambanana.

Ny endrika fanamafisana ny fampianarana dia misitraka fanavaozana ihany koa amin'ny alalan'ny fampidirana ao anatin'ny fanofanana ireo mpianatra eny amin'ny ambaratonga voalohany sy faharoa ny sampana fahitisiana.

- Toko IV, ahitana andininy 28 momba « Ny fanitsiana mikasika ny fehezan-dalàna famaizana Malagasy sy ny fehezan-dalàna momba paik'ady heloka » ;

Ny fanovana sasany amin'ny fehezan-dalàna famaizana sy ireo fandikan-dalàna heverina ho toy ny kolikoly dia natao ao anatin'ity fanavaozana ity mba hanamafisana ny fanamelohana sy ny sazy.

- Toko V, ahitana andininy 2 mikasika « Ireo vokatry ny fandikan-dalàna amin'ny kolikoly » ;

Ny fanagiazana na fakana ireo fidiram-bola na entana tsy ara-dalàna amin'alalan'ny fitsarana dia volazan'ny fepetra. Ny fifanarahana, na fahazoan-dalana na fanomezana alalana izay azo tamin'ny alalan'ny kolikoly dia heverina ho toy ny tsy misy.

Lohateny II : « Ny sehatrin'ny rafitra aram-panjakana » ahitana toko 5 :

- Toko I, ahitana andininy 2 mikasika « fikambanana miandraikitra ny ady atao amin'ny kolikoly » ;
Hita ato amin'ity toko ity ny lisitr'ireo fikambanana miandraikitra izany tolona izany.
- Toko II, ahitana andininy 2 mikasika « Ny antoky ny fahaleovan-tena sy ny adidy fanaovana tatitry ny birao mahaleon-tena amin'ny kolikoly » .

Ny fanaovana tatitra ny asany dia adidin'ny Birao mahaleon-tena ho takalon'ny antoky ny fahaleovatena

- Toko III, ahitana andininy 11, mikasika « Ireo andraikitra sy fahefan'ny Birao mahaleon-tena miady amin'ny kolikoly » .

Les missions et pouvoirs du Bureau Indépendant Anti-corruption, traditionnellement, accordés par les textes en vigueur au Bureau sont consacrés par ce Chapitre afin de permettre au Bureau de mieux accomplir ses devoirs officiels sans aucun obstacle.

- le Chapitre IV composé de 1 article concerne « De l'obligation de respect de la confidentialité et du secret ».

Les obligations de respect de la confidentialité et du secret dans l'exercice des missions de lutte contre la corruption restent en vigueur.

- le Chapitre V composé de 4 articles concerne « de la protection des dénonciateurs et des témoins ».

Des améliorations sont apportées en matière de lutte contre les représailles envers les témoins, dénonciateurs, experts agents publics en charge de l'application de la loi.

Le Titre III : « Des dispositions finales » comporte 3 articles.

Tel est l'objet de la présente loi.

Ireo andraikitra sy fahefan'ny birao mahaleo-tena, teo aloha izay voafarit'ireo lalàna manan-kery ao amin'ny Birao dia hita amin'ity took ity mba ahafahana mamela ny birao hanantanteraka tsara ireo adidiny tsy misy sakatsakana.

- Toko IV, ahitana andininy 1, mikasika « Ny fanajana ny tsiambaratelo ». Ny fanajana sy fitazomana ny tsiambaratelo eo ampanan-tanterahana ny andraikitra miady amin'ny kolikoly.dia mijanona ho manan-kery.

- Toko V, ahitana andininy 4, mikasika « Ny fiarovana ny mpitory sy ireo vavolombelona ».

Maro ireo fanatsarana izay nentina amin'ireo ady atao amin'ny faneriterena ny vavolombelona, ny mpitory, ireo mpiasam-panjakana miandraikitra ny fampiharana ny lalàna.

Lohateny III : « Ireo fepetra famaranana » ahitana andininy 3.

Izay no anton'ity lalàna ity.



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE

LOI n° 2016 - 020
SUR LA LUTTE CONTRE LA CORRUPTION

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leurs séances plénières respectives en date du 1er juillet 2016,

LE PRESIDENT DE LA REPUBLIQUE,

- Vu la Constitution ;
- Vu la décision n°28-HCC/D3 du 05 août 2016 de la Haute Cour Constitutionnelle,

PROMULGUE LA LOI DONT LA TENEUR SUIT :

FIADIDIAN'NY REPOBLIKA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 2016-020
MIKASIKA AMIN'NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY

Nolanian'ny Antanimieran-pirenena sy ny Antanimieran-doholona tamin'ny fivoriana nataon'izy ireo avy tamin'ny 1 jolay 2016,

NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,

- Araka ny Lalàm-panorenana
- Araka ny Fanapahana laharana faha:28-HCC/D3 tamin'ny 05 aogositra 2016 noraisin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana;

DIA MAMOAKA HAMPANAN-KERY NY LALÀNA IZAY MIRAFITRA TOY IZAO NY VONTOATINY:

TITRE PREMIER DE LA PREVENTION ET DE LA REPRESSION DE LA CORRUPTION

CHAPITRE PREMIER : GENERALITES

Article Premier - Des définitions

Au sens de la présente loi, on entend par :

- 1. Agent public :** toute personne qui, à titre permanent ou temporaire, qu'elle soit rémunérée ou non rémunérée, et quel que soit son niveau hiérarchique:
 - détient un mandat législatif, exécutif, administratif ou judiciaire qu'elle ait été nommée ou élue ;
 - exerce une fonction publique, y compris pour un organisme public ;
 - fournit un service public ;
 - détient d'une autorité publique ou commandant des forces publiques ou militaires.
- 2. Agent public étranger :** désigne toute personne qui détient un mandat législatif, exécutif, administratif ou judiciaire d'un pays étranger, qu'elle ait été nommée ou élue; et toute personne qui exerce une fonction publique pour un pays étranger, y compris pour un organisme public ou une entreprise publique.
- 3. Agent de fait :** toute personne exerçant la fonction d'agent public sans droit ni titre.
- 4. Biens :** tous les types d'avoirs, corporels ou incorporels, meubles ou immeubles, tangibles ou intangibles, ainsi que les actes juridiques ou documents attestant la propriété de ces avoirs ou les droits y afférents.

LOHATENY VOALOHANY NY AMIN'NY FISOROHANA SY NY FANENJEHANA NY KOLIKOLY

TOKO VOALOHANY : ANKAPOBENY

Andininy voalohany - Famaritana

Faritana toy izao manaraka izao ny hevitr'ireo teny voarakitra ao anatin'ity lalàna ity:

1. **Mpiasam-panjakana:** Ireo olona rehetra izay manana laharana raikitra na vonjimaika, na mandray karama izy na tsia, ary na toy inona na toy inona ny lentam-pifehezany:
 - mitana ny fahefana mpanao lalàna, mpanatanteraka, ara-panjakana na ara-pitsarana,
 - na olom-boatendry izy na olom-boafidy,
 - manatanteraka asam-panjakana ka tafiditra ao anatin'izany ny orinasam-panjakana,
 - manome asa ho an'ny tombon-tsoam-bahoaka,
 - mitana fahefam-panjakana na mpibaiko vondron-kerim-panjakana na miaramila.
2. **Mpiasam-panjakana vahiny:** milaza ireo olona rehetra izay mitana ny fahefana mpanao lalàna, mpanatanteraka, ara-panjakana na ara-pitsaran'ny firenena vahiny iray, na notendrena io olona io na nofidina; sy ireo olona rehetra manatanteraka asam-panjakan'ny firenena vahiny iray, ka tafiditra ao anatin'izany ny vondron'asam-panjakana na orinasam-panjakana iray.
3. **Mpiasa tsotra nekena:** ireo olona rehetra manatanteraka ny asa ataon'ny mpiasam-panjakana tsy manam-pahefana hanao izany asa izany na koa tsy manana ny zo sy laharana hanao izany.
4. **Fitaovana ilain'ny besinimaro:** Ireo karazan-javatra rehetra, azo tsapain-tanana na tsia, na fananan-javatra ara-taratasy, fanaka na trano na tany, na fitaovana azo tsapain-tanana na tsia, ary ny taratasy rehetra manaraka ny lalàm-pitsarana, na koa antotan-taratasy manamarina ny maha-tompony ireo fananana ireo, na ny fananana zo mifandraika amin'izany.

5. **Confiscation** : déposition permanente de biens sur décision d'un Tribunal ou d'une autre autorité compétente.
6. **Cadeau illicite** : Tout cadeau indu non compris dans les rémunérations et avantages légaux et légitimes, qui sont reçus dans l'exercice ou à l'occasion de l'exercice d'une fonction publique ou d'un mandat électif à l'exclusion de cadeaux résultant raisonnablement de l'hospitalité naturelle et normale conforme aux us et coutumes traditionnels et sociaux.
7. **Fonctionnaire d'une organisation internationale publique** : tout fonctionnaire international ou toute personne autorisée par une telle organisation à agir en son nom.
8. **Infraction principale** : toute infraction par suite de laquelle est généré un produit qui est susceptible de devenir l'objet d'une infraction par la présente loi.
9. **Produit du crime** : tout bien provenant directement ou indirectement de la commission d'une infraction ou obtenu directement ou indirectement en la commettant.
10. **Gel ou saisie** : interdiction temporaire du transfert, de la conversion, de la disposition ou du mouvement de biens, ou le fait d'assumer temporairement la garde ou le contrôle de biens sur décision d'un Tribunal ou d'une autre autorité compétente.
11. **Tiers bénéficiaire** : toute personne qui, bien que n'ayant pas participé à la commission d'un crime ou d'un délit comme co-auteur ou complice, intermédiaire ou receleur, ait bénéficié et accepté en connaissance de cause de tous produits ou avantages engendrés par la commission de ce crime ou délit.

Est considéré comme tiers bénéficiaire, toute personne qui, bien que n'ayant pas participé à quel titre que ce soit à la commission d'un crime ou d'un délit, en aura été le bénéficiaire économique et en a accepté.

5. **Fanagiazana:** fanesorana mandritra ny fotoana maharitra ny fananana araka ny didy navoakan'ny fitsarana iray na manam-pahefana mahefa ira.
6. **Fanomezana tsy ara-drariny:** Ireo fanomezana rehetra azo ka tsy tafiditra ao anatin'ny karama na tombon-tsoa ara-dalàna sy ara-drariny, izay noraisina tamin'ny fanaovana asa na noho ny fanatanterahana asam-panjakana iray na noho ny maha-olom-boafidy, afa-tsy ny fanomezana ara-dalàna azo, vokatry ny fampian-tranoana ara-drariny sy mazava ary mifanaraka tsara amin'ny fomba amam-panao nentim-paharazana sy ara-tsosialy.
7. **Mpiasam-panjakan'ny fikabanana iraisam-pirenem-panjakana:** mpiasam-panjakana iraisam-pirenenairay na izay olona nahazo halalana avy amin'ny fikambanana iraisam-pirenena mitovy amin'izany hanao zavatra amin'ny anarany.
8. **Fandikan-dalàna fototra:** Izay fandikan-dalàna rehetra miteraka toe-javatra iray mety ho anton'ny fandikan-dalàna araka ny voalazan'ity lalàna ity.
9. **Vokatry ny heloka bevava:** Izay rehetra azo mivantana na an-kolaka avy amin'ny vaomieran'ny fandikan-dalàna na azo mivantana na an-kolaka avy amin'ny tompon'andraikitra mpanatanteraka.
10. **Fampiantoana na fanagiazana:** Fandraràna mandritra ny fotoana voafetra ny famindràna, fanovàna ny zavatra notapahan'ny lalàna, na ny fifanekena, ny fanetsehana ny fananana, na ny fiantsoroana mandritra ny fotoana voafetra, na ny fitantanana ny fananana araka ny didin'ny fitsarana iray na manam-pahefana mahefa iray.
11. **Mpahazo tombon-tsoa hafa:** Ireo olona rehetra izay nahazo tombon-tsoa sy nanaiky nandray ary mahafantatra tsara ny fihavian'ireo zavatra, na tombon-tsoa azo avy amin'ny vaomieran'ny fandikan-dalàna, na dia tsy nandray anjara tao amin'ny vaomieran'ny fandikan-dalàna na heloka iray ho isan'ny mpiobon'antoka na mpiray tsikombakomba, na mpanelanelana na mpitahiry halatra aza izy ireo.

Heverina ho mpahazo tombon-tsoa hafa, ny olona rehetra izay nandray tombon-tsoa ara-toe-karena ary nanaiky izany na dia tsy nandray anjara tao anatin'ny vaomieran'ny fandikan-dalàna aza izy.

CHAPITRE II DE LA DECLARATION DE PATRIMOINE

Article 2.- Afin de promouvoir la transparence dans l'exercice des fonctions publiques, de garantir l'intégrité des serviteurs de l'Etat et d'affermir la confiance du public envers les Institutions, outre les personnalités visées par les dispositions des articles 40 et 41 de la Constitution, les agents publics visés à l'alinéa suivant est tenu d'une obligation de déclaration périodique de patrimoine et d'intérêts économiques.

Les personnalités ci-après sont aussi assujetties à la déclaration de patrimoine et d'intérêts économiques :

- tous Magistrats de l'ordre judiciaire, administratif et financier quel que soit leur grade et leur fonction;
- les Chefs de province, Commissaires généraux des provinces, préfets de région, chefs de région, chefs de district et maires ;
- tout agent public occupant des postes de haute responsabilité de niveau égal ou supérieur à celui de directeur de ministère ;
- Membres des Corps d'Administrateurs, d'Inspecteurs et de Commissaires dans l'Administration publique ;
- Chefs de formation militaire supérieure à l'échelon compagnie;
- Inspecteurs de l'Inspection Générale de l'Etat, de l'Inspection Générale de l'Armée Malagasy et de l'Inspection Générale de la Gendarmerie Nationale ;
- Toute personne exerçant les fonctions d'officier de police économique ou judiciaire ;
- Toute personne exerçant les fonctions d'ordonnateurs et comptables publics ;
- Dirigeants sociaux qui siègent au sein des établissements publics, des sociétés à participation publique

L'obligation de déclaration de patrimoine et d'intérêts économiques doit être faite dans les trois (3) mois qui suivent la nomination ou l'entrée en fonction. Elle doit être renouvelée tous les 2 ans, en cas de changement de position administrative ou encore en cas de changement conséquent du patrimoine.

TOKO FAHAROA NY MOMBA NY FANAMBARAM-PANANANA

And. 2 – Ny mpiasam-panjakana rehetra voalaza ao amin’ireto andininy manaraka ireto dia tsy maintsy manao fanambaram-pananana sy ny toe-bola mba hampiroboroboana ny mangarahara eo amin’ny fanatanterahana ny asam-panjakana, hiantohana ny fahamarinan’ny mpiasam-bahoaka ary hanamafisana ny fitokisan’ny vahoaka ny andrim-panjakana isan-tsokajiny, ivelan’ireo manam-pahefana voatondron’ny fepetra voalazan’ny andininy faha 40 sy faha 41 ny Lalàm-panorenana.

Ireto manam-pahefana voalaza manaraka ireto dia tsy maintsy manao fanambaram-panana sy ny tombon-tsoam-barotra ara-toe-karena azony :

- Ny mpitsara rehetra ao amin’ny fitsarana, ara-panjakana na ara-bolam-panjakana na toy inona na toy inona laharany sy ny asany;
- Ny lehiben’ny Faritany, Lehiben’ny fanapahan’ny Faritany isan-tokony, mpanapaka ny faritra (préfets de région), lehiben’ny faritra, lehiben’ny distrika ary ny ben’ny tanàna;
- Ny mpiasam-panjakana rehetra izay mitana ny asan’ny tompon’andraikitra ambony mitovy lenta na mihoatra ny Talen’ny ministera;
- Ny mpikambana rehetra ao amin’ny mpirafi-draharaham-panjakana, mpanara-maso sy tompon’andrikitra ambony isan-tsokajiny ao amin’ny fitatanam-panjakana;
- Ny lehiben’ny fiofanana ara-miaramila manam-boninahitra ao amin’ny ambaratongam-pifehezana;
- Ny mpanara-maso rehetra ao amin’ny Inspection générale de l’Etat, Inspection Générale ny tafika malagasy sy ny Inspection Générale ny Zandarimariam-pirenena;
- Ny olona rehetra miandraikitra ny asan’ny manam-boninahitry ny polisy ara-toekarena na ara-pitsarana;
- Ny olona rehetra manatanteraka ny asan’ny mpiandraikitra sy ny fanomezan-dalana amin’ny fampiasana ny volam-panjakana;
- Ny mpitondra ara-tsosialy miandraikitra ny orinasam-panjakana, orinasa handraisan’ny fanjakana anjara.

Ny fanambaram-pananana sy ny tombon-tsoa ara-toe-karena dia tsy maintsy atao ao anatin’ny telo (3) volana manaraka ny nandraisana ilay asa. Tsy maintsy havaozina isaky ny 2 taona, rahatoa ka misy fiovana eo amin’ny asam-panjakana atao na koa raha misy fiovana misongadina eo amin’ny fananana.

Les assujettis régis par les articles 40 et 41 de la Constitution déposent leur déclaration de patrimoine et d'intérêts économiques à la Haute Cour Constitutionnelle.

(...) NON PROMULGUE

Les autres personnalités assujetties énumérées dans le présent article adressent ou déposent au Bureau Indépendant Anti-Corruption (BIANCO) une déclaration certifiée exacte et sincère de leur situation patrimoniale, ainsi que celle de leurs conjoints et enfants mineurs. Par ailleurs, ils déclarent le cas échéant une déclaration d'intérêts économiques.

Toute personnalité publique assujettie à l'obligation de déclaration le demeure pendant une durée de deux ans après cessation de ses fonctions.

Article 3.- Le BIANCO est l'autorité responsable de la gestion dynamique de la déclaration de patrimoine et d'intérêts économiques.

Il a compétence pour la collecte, la vérification, l'exploitation, le contrôle, le suivi, l'archivage et la sécurisation des informations et mise en œuvre de procédure de sanction pour défaut et fausse déclaration par les personnes soumises à cette obligation.

Il est doté de moyens adéquats compte tenu du nombre des assujettis et des obligations qui en découlent.

La déclaration s'effectue après le remplissage de formulaire à cet effet prévu dans le Décret 2004-983 du 12 octobre 2004 modifiant et complétant certaines dispositions du Décret n° 2002-1127 du 30 septembre 2002 instituant une obligation de déclaration de patrimoine par certaines catégories de hautes personnalités et de hauts fonctionnaires et les textes subséquents.

Elle peut être transmise :

- soit par dépôt ou envoi de courrier aux autorités habilitées à les recevoir
- soit par utilisation d'un système automatisé des données.

Mametraka ny fanambaram-pananana sy ny tombon-tsoa ara-toe-karena any amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana ny olona voakasiky ny andininy faha 40 sy faha 41 ao amin'ny Lalàm-panorenana.

(...) **TSY NAVOAKA**

Ny manam-pahefana ambony hafa rehetra voakasika sy voatonona ao amin'ity andininy ity dia mandefa sy mametraka any amin'ny Birao Mahaleo-tena ladiana amin'ny kolikoly (BIANCO) ny fanambaram-pananany, toy izany koa ny an'ny vady aman-janany sy ny zanany tsy ampy taona. Ankoatr'izany, arakaraka ny zava-miseho dia manao fanambaram-pananana ny toe-karena koa izy ireo.

Ny manam-pahefam-panjakana ambony rehetra voafehin'ny fanaovana fanambaram-pananana dia voafatotr'izany mandritra ny fe-potoana roa taona aorian'ny fitsaharany amin'ny asany.

And. 3 - Ny BIANCO no manam-pahefana tompon'andraikitra amin'ny fitantanana mavitrika ny fanambaram-pananana sy ny toe-bola ara-toe-karena.

Manana ny fahefana mahefa izy amin'ny fanangonana, ny fanamarinana, ny fanadiadiana, ny fanaraha-maso, ny fanarahana, ny fitehirizana ary ny fiarovana ny vaovao sy ny fampanajariana ny fomba harahina amin'ny sazy noho ny tsy fahampiana na fanaovana filazana diso ataon'ny olona voafehin'izany.

Manana ny fampitaovana mifanaraka amin'izany izy araka ny isan'ny olona voakasika sy ny andrikitra aterak'izany.

Ny fanambarana dia atao amin'ny halalan'ny famenoana ny taratasy voatokana amin'izany araka ny didy hitsi-volana laharana 2004-983 tamin'ny 12 oktobre 2004 izay manova sy manampy fepetra sasan-tsany voalazan'ny didy hitsi-volana laharana faha 2002-1127 tamin'ny 30 septambra 2002 mandidy ny fanaovana ny fanambaram-pananana amin'ny sokajin'olona ambony sasan-tsany sy ny mpiasam-panjakana ambony ary ny fehezan-lalàna momba izany.

Azo ampitana toy izao izany:

- Na amin'ny fametrahana na fandefasana taratasy any amin'ny manam-pahefana nahazo alalana handray izany
- Na amin'ny fampiasana fitaovana fampitana ny antontan-kevitra

Article 4.- Le BIANCO a la charge de sensibiliser les assujettis sur l'aspect préventif de la déclaration de patrimoine et d'intérêts économiques contre l'enrichissement illicite et la promotion de la culture de transparence.

Les statistiques relatives à la gestion de la déclaration de patrimoine sont disponibles et communiquées au public.

Pour garantir le respect de la confidentialité de la déclaration de patrimoine et des dispositions afférentes au traitement des données à caractère personnel, l'accès et la communication des déclarations sont limités au BIANCO, dans le cadre des poursuites judiciaires, sous l'autorité du Premier Président de la Cour Suprême et le Procureur Général de la Cour Suprême et de l'autorité habilitée au traitement des données à caractère personnel.

Article 5.- Sans préjudice des dispositions de l'article 183.2 du Code pénal, le manquement à l'obligation de déclaration de patrimoine constitue, pour tout assujetti, une faute assimilée à un manquement au devoir de probité et d'intégrité de tout fonctionnaire, magistrat ou militaire ainsi que tout employé de l'Etat sous quelques formes que ce soit, assujetti à l'obligation de déclaration de patrimoine.

CHAPITRE III DES DISPOSITIFS DE PREVENTION DE LA CORRUPTION ET D'EDUCATION DE LA POPULATION

Article 6.- De la prévention de la corruption :

Il est institué une obligation de mise en place d'une politique interne de lutte contre la corruption et relative à la transparence au niveau du fonctionnement, des procédures à suivre au sein des ministères, administrations générales, déconcentrées et décentralisées et, établissements publics, des sociétés à participation publique en permettant leur accessibilité.

Les ministres, les secrétaires généraux, les directeurs généraux, les chefs des structures administratives centrales, déconcentrées et décentralisées,

And. 4- Ny BIANCO dia manana andraikitra hanentana ny olona voakasika ny fanambaram-pananana sy toe-karena eo amin'ny lafin'ny fisorohana ny fanangonan-karena tsy ara-drariny sy ho fampivoarana ny kolon-tsainan'ny mangarahara.

Ny antontan'isa mikasika ny fitantanana ny fanambaram-pananana dia misy ary azo ampitaina amin'ny besinimaro.

Mba hiantohana ny fanajana ny tsiambaratelon' ny fanambaràm-pananana sy ny fepetra mifanaraka amin'ny fikajiana ny tahirin-kevitra manana endrika manokana, ny fahafahana miditra sy ny fifandraisana amin'ny fanambaram-pananana dia voafetra ho an'ny BIANCOirery ihany, rehefa eny anivon'ny sehatra fanenjehana ara-pitsarana kosa dia, eo ambany fahefan'ny Filohan'ny Fitsarana Faratampony sy ny Fampanoavana ao amin'ny Fitsarana Tampony ary ny manam-pahefana afaka mikirakira ireo tahirin-kevitra manana endrika manokana.

And. 5 - Araka ny fepetra voalazan'ny andininy 183.2 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana malagasy izay manan-kery, ny tsy fanantanterahana ny fanambaràm-pananana ataon'ireo rehetra voakasik'izany, dia midika ho fahadisoana iharan'ny famaizana mitovy amin'ny tsy fanatanterahana adidy eo amin'ny fitsarana sy ny tsy fahamarinan'ny mpiasam-panjakana rehetra, mpitsara na miaramila ary koa ny mpiasam-panjakana voatery hanao fanambaràm-pananana, na amin'ny endriny inona na amin'ny endriny inona.

TOKO III NY FEPETRA FISOROHANA NY KOLIKOLY SY FANABEAZANA NY VAHOAKA

And. 6 – Ny fisorohana ny kolikoly :

Hapetraka ny fepetra mandidy ny fandrafetana rafitra anatin'ny iadiana amin'ny kolikoly sy ny momba izany, ny mangarahara eo amin'ny lafin'ny fampandehanan-draharaha, ny toro-lalana harahina eo anivon'ny ministra, sampan-draharaham-panjakana ankapobeny, nampariahana sy naely ary ny sampan-draharaham-panjakana na orinasa handraisan'ny fanjakana anjara mba ahafahan'izy ireo manao izany.

Ny ministra, ny sekretera jeneraly, ny tale jeneraly ary ny lehiben'ny rafi-panjakana rehetra ao amin'ny foibe, sy sampan-draharaha nampariahana sy

les directeurs généraux au sein des établissements publics, ou des sociétés à participation publique sont chargés de la mise en œuvre de la présente disposition.

Nonobstant l'application des dispositions pénales prévues par la présente loi, les ministres, les chefs des structures administratives centrales, déconcentrées et décentralisées, les directeurs généraux au sein des établissements publics, des sociétés à participation publique peuvent être tenus administrativement et personnellement responsables des dommages causés en cas de manquement à cette obligation.

Dans le but d'améliorer l'intégrité, la probité, la transparence, l'efficacité et l'efficacité de l'administration publique, toutes les autorités publiques et les responsables étatiques ont le devoir de renforcer, de continuer et d'élargir le processus de l'informatisation et de la dématérialisation de l'Administration publique.

Afin de respecter le prescrit de ladite loi, les personnes responsables désignées aux alinéas 2 et 3, dans un délai de 6 mois à compter de sa prise de service, est tenu de mettre en place et de mettre en œuvre des dispositifs anti-corruption.

Toute partie justifiant d'un intérêt peut saisir les institutions compétentes de demander de cessation de fonction en cas de carence.

L'Etat est tenu d'allouer des crédits et des ressources nécessaires aux entités concernées pour assurer l'opérationnalisation des dispositifs anti-corruption requis.

Le Bianco a pour obligation d'appuyer et d'accompagner la mise en œuvre de la présente disposition.

Article 7.- Conformément à leurs missions, attributions, compétences et domaines d'activités, tout secteur public et privé, notamment tous médias public et privé, toute compagnie œuvrant dans le cadre des communications et des téléphonies mobiles, toute Organisation Non Gouvernementale (ONG), toute Organisation confessionnelle, toute Association et toute Organisation de la Société Civile (OSC) ont le devoir d'apporter leur soutiens, appui et contribution

naely, ny tale jeneraly eo anivon'ny sampan-draharaham-bahoaka, na ny orinasa handraisan'ny fanjakana anjara dia tendrena amin'ny fampiharana ny fepetra voalazan'ity andininy ity.

Na izany aza anefa ny fampiharana ireo fepetra amin'ny fehezan-dalàna famaizana voalaza amin'ity lalàna ity, ny ministra sy ny lehiben'ny rafipanjakana foibe sy nampariahana sy naely, ny tale jeneraly eo anivon'ny sampan-draharaham-bahoaka na ny orinasa handraisan'ny fanjakana anjara dia raisaina ho tompon'andrikitra amin'ny fahavoazana mitranga noho ny tsy fanatanterahana an'io didy io.

Mba hanatsarana ny fahamarinana, ny mangarahara, ny fahafahana mamoaoka vokatra sy ho fahombiazan'ny sampan-draharaham-bahoaka, ny manampahefana ara-panjakana rehetra sy ny tompon'andraikitra ara-panjakana dia manana adidy hanatevina, hanampy sy hampivelatra ny toro-lalana mikasika ny fampiasana solosainasy teknolojia vaovao ny fifandraisana sy ny fialàna amin'ny fikirakirana taratasy eny anivon' ny sampan-draharaham-panjakana.

Mba hanajana ny voasoratra amin'izany lalàna izany, ny tompon'andraikitra rehetra voatondro ao amin'ny andininy faha2 sy 3, dia tendrena hanangana sy hametraka rafitra hiadiana amin'ny kolikoly, ao anatin'ny fe-potoana 6 volana manomboka amin'ny vanin'andro nandraisany asa.

Izay rehetra afaka manamarina ny fahazoana tombon-tsoa manokana dia afaka mampandre ny andrim-panjakana mahefa ka hangataka ny fampiatoana amin'ny asa raha misy ny tsy fanajana ny fepetra voalaza.

Ny fanjakana dia tsy maintsy manokana vola sy loharanon-karena ilain'ny sampan'asa voakasik'izany mba hiantohana ny fanatontasana ny fepetra iadiana amin'ny kolikoly napetraka.

Ny Birao Mahaleo-tena Miady amin'ny Kolikoly dia manana adidy hanohana sy hanampy amin'ny fametrahana ny fepetra amin'ity andininy ity.

And. 7 - Araka ny asa, ny faritr'asa, ny fahaiza-manao sy seha-piadidiany, ny fitondra-panjakana rehetra ary ny orinasan'olon-tsoatra, indrindra indrindra ireo haino aman-jery miankina sy tsy miankina, ny fikambanana rehetra miasa ao amin'ny lafin'ny fifandraisana sy ny finday enti-tanana, ny fikambanana tsy ara-panjakana (ONG), ny Fikambanana ara-pivavahana, ny fikambanana sy fikambanam-piaraha-monina rehetra (OSC) dia manana adidy hitondra ny

à la prévention de la corruption et à l'éducation de la population à lutter contre la corruption.

Article 8.- Il est inséré dans les programmes scolaires un curricula de formation et d'éducation sur la lutte contre la corruption depuis l'enseignement primaire à l'enseignement secondaire.

Article 9.- NON PROMULGUE

Chapitre IV

DES AMENDEMENTS RELATIFS AUX DISPOSITIONS DU CODE PENAL MALAGASY ET DU CODE DE PROCEDURE PENALE

Article 10.- Sur la prescription de l'action publique

Sans préjudice de l'application des articles 3 et 4 du Code de procédure pénale malagasy, la prescription des infractions de fraudes, notamment le faux en écriture authentique, faux en écriture publique et privée, les infractions d'abus de biens sociaux, de blanchiment de capitaux, ainsi que les infractions énumérées dans la présente loi, court à partir de la date de découverte de l'infraction ou à partir de la date à laquelle la constatation de l'infraction a été rendue possible.

Article 11.- Les dispositions des articles 169 du Code pénal malagasy sont modifiées et complétées comme suit :

« Art.169 (nouveau) : Quiconque, en raison de sa fonction d'assurer l'exécution des opérations budgétaires et/ou de manier des fonds ou à l'occasion de l'exercice de celle-ci, en tant que dépositaire de l'autorité publique ou chargée d'une mission de service public, aura détourné, détruit, dissipé ou soustrait l'un des biens publics visés à l'alinéa 3 du présent article d'une valeur supérieure à vingt millions d'Ariary, est puni d'une peine de travaux forcés à temps et d'une amende de 40 millions d'Ariary à 500 millions d'Ariary.

Sera puni de la même peine quiconque, en raison de sa fonction ou à l'occasion de l'exercice de celle-ci, aura détourné l'usage ou l'utilisation des biens publics autres que ceux prévus à l'alinéa 3 du présent article qui

fanohanany, fanampiana sy fandraisan'anjara amin'ny fisorohana ny kolikoly sy ny fanabeazana ny mponina mba hiady amin'ny kolikoly.

And. 8.- Ampidirina amin'ny fandaharam-pampianarana ny fampiofanana sy fanabeazana amin'ny ady atao amin'ny kolikoly hatrany amin'ny fampianarana ambaratonga fototra ka hatrany amin'ny ambaratonga faharoa.

And. 9 –TSY NAVOAKA

TOKO FAHA IV
NY MOMBA NY FANGATAHAN-PANITSIANA MIKASIKA
NY FEPETRAN' NY FEHEZAN-DALANA FAMAIZANA MALAGASY SY NY
FEHEZAN-DALANA MIKASIKA NY PAIKA ADY HELOKA

And. 10 – Ny mikasika ny fanafoanana ny fepetra takian'ny hetsiky ny vahoaka

Ny fanafoanana ny sazin' ny hosoka, indrindra indrindra ny fampiasana diso amin'ny lahatsoratra marina, ny diso amin'ny lahatsora-panjakana sy lahatsoratra an'olon-tsotra, ny sazy momba ny fanararaotana ny fananana ara-tsosialy, ny fanadiovana ny renivola, ary ny sazy voalaza ato amin'ity lalàna ity, dia mihatra manomboka amin'ny datin'andro nahafantarana ny fandikan-dalàna na hatramin'ny daty nahafahana nahatsapa ny fandikan-dalàna, izay tsy manohintohina nyfampiharana ny andininy faha 3 sy faha 4 ny fehezan-dalàna mikasika ny paik'ady heloka.

And. 11- Ny fepetra voalazan'ny andininy faha 169 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana malagasy dia novàna sy nofenoina toy izao manaraka izao :

« And.169 (vaovao) : Na iza na iza,noho ny asany izay miantoka ny fanantanterahana ny teti-bola sy/na ny fikirakirana ny vola, na mandritra ny fanatanterahana izany, noho ny maha mpitahiry ny fahefam-panjakana na miandraikitra asam-panjakana, ka nanodinkodina, nandrava, nanary na nanaisotra ny fananam-panjakana voatondro ao amin'ny laharana faha 3 amin'ity andininy ity izaymisanda mihoatra ny roapolo tapitrisa ariary, dia voasazy hanao asa an-terivozona sy onitra 40 tapitrisa Ariary ka hatramin'ny 500 tapitrisa Ariary.

Ny orinasa manana fifanarahana na fahazoan-dàlana azo amin'ny kolikoly dia tsy mahazo mandray anjara amin'ny tsenam-panjakana farafahakeliny ao anatin'ny 5 taona.

Ny famerenan-keloka sy ny hosoka mba tsy hahatanteraka io fandrarana io dia mety hahatonga fandravana tanteraka amin'ny fifaninanana sy fanantanterahana ny tsenam-panjakana na amin'ny fifanarahana famindrana ny fitantanana ny asam-panjakana.

TITRE II DU CADRE INSTITUTIONNEL

CHAPITRE PREMIER DES ENTITES EN CHARGE DE LA LUTTE CONTRE LA CORRUPTION

Article 40.- Les entités en charge de la mise en œuvre de la politique nationale de lutte contre la corruption, et de la stratégie de lutte contre la corruption sont énumérées comme suit :

- Le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI) ;
- Le Bureau Indépendant Anti-Corruption (BIANCO) ;
- Les Pôles Anti-Corruption ;
- Le Sampandraharaha malagasy iadiana amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampihorohoroana (SAMIFIN) ;
- l'Agence en charge de recouvrement des avoirs illicites.

Article 41.- Le Comité pour la sauvegarde de l'intégrité est chargé de l'évaluation du système de lutte contre la corruption. Il assure un rôle d'appui et de conseil à ces mêmes organes. Le Comité pour la sauvegarde de l'intégrité est habilité à prodiguer des conseils et à émettre des recommandations sur la lutte contre la corruption aux Institutions de la République et à tout organisme public ou privé.

Le Comité pour la Sauvegarde l'intégrité est garant de l'indépendance opérationnelle des organes du système de lutte contre la corruption. A ce titre, il initie le recrutement des Directeurs généraux du BIANCO, du SAMIFIN, et de l'agence chargé du recouvrement des avoirs illicites, du coordonnateur du pôle anti-corruption par la mise en place d'un comité de recrutement ad hoc.

CHAPITRE II DE LA GARANTIE D'INDEPENDANCE ET DE L'OBLIGATION DE RENDRE COMPTE DU BUREAU INDEPENDANT ANTI-CORRUPTION

Article 42.- Le Bureau Indépendant Anti-Corruption est dirigé par un Directeur Général. Il est assisté d'un Directeur Général Adjoint.

LOHATENY FAHAROA NY ANDRIM-PITONDRANA

TOKO VOALOHANY IREO SAMPAN-DRAHARAHAM-PANJAKANA MIANDRAIKITRA NY ADY AMIN'NY KOLIKOLY

And. - 40 – Ireo sampan-draharaham-panjakana miandraikitra ny fampiharana ny politika nasionaly amin'ny ady amin'ny kolikoly sy ny paik'ady hiadiana amin'ny kolikoly dia voatanisa toy izao manaraka izao :

- Fikambanana miaro amin'ny fahamarinana (FMF) ;
- Birao Mahaleo-tena Iadiana amin'ny kolikoly (BIANCO) ;
- Tendro miady amin'ny kolikoly ;
- Sampandraharaha malagasy iadiana amin'ny famotsiam-bola sy famatsiam-bola ny fampihorohoroana (SAMIFIN) ;
- Sampan-draharaha miandraikitrany fanangonana ireo fananana tsy ara-dalàna.

And. - 41 - Ny fikambanana miaro ny fahamarinana no tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso sy fizohiana ny fampiharana ny politika sy paik'ady arahina eto amin'ny firenena momba ny ady amin'ny kolikoly. Izy no manohana ireo Sampan-draharaham-panjakana ireo. Izy dia afaka manolotra hevitra sy tolo-kevitra mikasika ny ady amin'ny kolikoly ho an'ireo Andrim-panjakan'ny Repoblika, sy ireo fikambanana miankina na tsy miankina amin'ny fanjakana.

Ny fikambanana miaro ny fahamarinana no manome antoka ny fahaleovantenan'ireo rafitramiady amin'ny kolikoly. Noho izany dia izy no manomboka ny fandraisana ho mpiasa ny Filoha Tale Jeneraly ny BIANCO, ny SAMIFIN, ary ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fanangonana ireo fananana tsy ara-dalàna ary ny mpandrindra ny tendro miady amin'ny kolikoly amin'ny fametrahana vaomieramanokana misahana ny fandraisana mpiasa.

TOKO FAHA II NY FIANTOHANA NYFAHALEOVAN-TENAN'NY BIRAO MAHALEO-TENA IADIANA AMIN'NY KOLIKOLY SY NY AMIN'NY TSY MAINTSY HANAOVANY TATITRA

And. 42.- Ny Birao Mahaleo-tena miady amin'ny kolikoly dia tarihin'ny Tale Jeneraly ary ampian'ny Tale Jeneraly lefitra iray.

L'indépendance du Bureau est garantie par la sécurité de la fonction de ses dirigeants, la disponibilité de ressources suffisantes et l'autonomie dans les opérations.

Dans l'exercice de sa fonction, le Directeur Général est protégé de toute forme de pression ou intimidation provenant d'entités politique, économique ou autres.

Le Directeur Général est nommé, pour un mandat de 5 ans non renouvelable, par décret du Président de la République parmi trois candidats proposés par la majorité simple des membres d'un Comité ad hoc de recrutement constitué à cet effet, par le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité. Durant son mandat, il ne peut être limogé de sa fonction que suivant le motif et la procédure mentionnés aux alinéas ci-dessous.

Le Directeur Général Adjoint est nommé, pour un mandat de 3 ans renouvelable une fois, par décret du Président de la République parmi deux candidats proposés par le Directeur Général.

Avant d'entrer en fonction, le Directeur Général et le Directeur Général Adjoint prêteront serment devant la Cour Suprême.

Il ne peut être mis fin aux fonctions des dirigeants du BIANCO avant l'expiration de leur mandat qu'en cas de décision de révocation prise à l'issue de plaintes ou dénonciations déposées et avérées sur l'incapacité ou le comportement indigne ou inapproprié en vertu d'une recommandation du Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité délibérant à l'unanimité de ses membres et présentant un caractère de gravité suffisante.

Pour ce faire, le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité dument saisi d'une doléance, plainte ou dénonciation ou par tout autre moyen légal, met en place une commission ad hoc d'enquête en charge de mener des enquêtes préliminaires sur les faits ou les manquements incriminés, et vote la révocation à la majorité absolue de ses membres réunis en session extraordinaire.

La décision de révocation est prononcée par décret du Président de la République.

L'Etat est tenu d'allouer au BIANCO des crédits budgétaires suffisant et lequel est inscrit dans la loi des finances. L'Etat assure la disponibilité des ressources

Ny fahaleova-tenan'ny birao dia voaantoka amin'ny fahamarina-toeran'ireo mpitarika azy, ny fananany loharano-karena ampy sy ny fahaleovantenany eo amin'ny asa.

Eo ampanatanterahana ny asany, ny Tale Jeneraly dia arovana amin'izay rehetra fanerenana fampitahorana avy amin'ireo fikambanana ara-politika, toe-karena na hafa.

Ny Tale Jeneraly dia voatendry (5) dimy taona tsy azo havaozina, amin'ny alalan'ny didim-panjakana izay raisin'ny filohan'ny Repoblika, amina anarana telo (3), hatolotry ireoantsasa-manilan'ny mpikambana ao amin'ny vaomiera manokana misahana ny fandraisana mpiasa izay hajoron'ny fikambanana miaro ny fahamarinana. Mandritra ny fe-potoana hiasany, dia tsy azo hesorina amin'ny asany izy raha tsy araka ny antony sy fomba voalaza etsy ambany.

Ny Tale Jeneraly lefitra dia voatendry (3) telo taona azo havaozina in-dray mandeha amin'ny alalàn'ny didim-panjakana raisin'ny filohan'ny Repoblika amina anarana roa (2) hatolotry ny Tale Jeneraly.

Alohan'ny hidirana amin'ny asa, ny Tale Jeneraly sy ny Tale Jeneraly lefitra dia manao fianianana eo anatrehan'ny Fitsarana Tampony.

Tsy azo faranana ny asan'ny mpitantana ny BIANCO alohan'ny fahataperan'ny fe-potoana natokana hitondrany raha tsy amin'ny alalàn'ny didy manafoana raisina nohon'ny fitarainana na fanamelohana napetraka ary voaporofy eo amin'ny tsy fahafahany, na fitondra-tena tsy mendrika asehony na tsy mety ataony araka ny tolo-kevitra izay tapaky ny mpikambana rehetra ao amin'ny fikambanana miaro ny fahamarinana ka nahitana antony mavesa-danja.

Mba hanaovana izany, ny fikambanana miaro ny fahamarinana rehefa mahazo fitarainana, fiampangana na tamin'ny fomba ara-dalàna hafa, dia mametraka komity hanao fanadihadiana voalohany amin'ireo zavatra hiampangana ary hifidy ny fandroahanany Tale Jeneraly ny akamaroan'ny mpikambana ao amin'ny fivoriana tsy ara-potoana.

Ny fanapahan-kevitra momba ny fisintonana dia tononina amin'ny alalàn'ny didim-panjakan'ny Filohan'ny Repoblika.

Ny fanjakana dia tsy maintsy mandrotsaka teti-bola ampy ho an'ny BIANCO ary io teti-bola io dia voasoratra ao amin'ny lalàn'ny teti-bola. Ny fanjakana no

suffisantes pour le bon fonctionnement de la mise en œuvre du programme national de lutte contre la corruption.

Les crédits accordés par la loi des finances sont versés dans des comptes de dépôt ouverts au Trésor Public au nom du BIANCO.

Ces fonds comportent une rubrique dotée de crédits limitatifs réservés aux opérations secrètes décidées ou visées par le Directeur Général, ou par le Directeur Général Adjoint ou le chargé d'intérim, le cas échéant. La comptabilité correspondante à l'exécution de ces opérations est appuyée par des pièces justificatives conservées au Bureau.

Le BIANCO peut ouvrir un ou plusieurs comptes bancaires pour son fonctionnement.

Le BIANCO est autorisé à recevoir des dons et aides financières de la part des partenaires techniques et financiers pour appuyer la mise en œuvre du programme de lutte contre la corruption.

L'exercice financier est clôturé au 31 décembre.

Article 43.- Le Directeur Général du Bureau rend compte des résultats de ses activités par le biais d'un rapport annuel adressé au Président de la République et au Parlement.

Le BIANCO rend compte au public de la conduite des actions de lutte contre la corruption.

La Cour des Comptes est chargée de réaliser un contrôle annuel des comptes du BIANCO.

CHAPITRE III MISSION ET POUVOIRS DU BIANCO

Article 44.- Le Bureau Indépendant Anti-corruption a pour mission de :

1. exploiter les informations et enquêter sur les doléances, dénonciations ou plaintes relatives aux faits soupçonnés de corruption et infractions

miantoka ny fisian'ny fitaovana saha amin'ny fampandehanana ny fampiharana ny fandaharana nasionaly hiadiana amin'ny kolikoly.

Ny sora-bola omena amin'ny alalan'ny lalàn'ny teti-bola dia harotsaka ao amin'ny petra-bola nosokafana amin'ny anaran'ny BIANCO eny amin'ny tahirm-bolam-panjakana.

Ireo vola ireo dia ahitana fizarana vola voatokana amin'ny sokajy miafina notapahina na noresahina tamin'ny Tale Jeneraly na ny Tale Jeneraly lefitra na ny mpisolo-tena raha ilaina. Ny fitantanana mifanaraka amin'ny fanantotosana ireo asa ireo dia tohanan'ny taratasy fanamarinana voatahiry ao amin'ny birao.

Ny BIANCO afaka manokatra kaonty iray na maromaro any amin'ny banky amin'ny fanantanterahany ny asany.

Ny BIANCO dia nomena fahefana handray fanomezana sy fanampiana ara-bola avy amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola mba hanohanany ny fampiharana ny fandaharany hiadiana amin'ny kolikoly.

Mifarana ny 31 desambra ny taona fampiasam-bola.

And.- 43. – Ny Tale Jeneralin'ny Birao dia mitatitra ny vokatry ny hetsika amin'ny alalan'ny tatitra isan-taona any amin'ny filohan'ny Repoblika sy ny Parlemanta.

Ny BIANCO dia manao tatitra amin'ny vahoaka ny fitondrana ny hetsika hiadiana amin'ny kolikoly.

Ny fitsarana ara-bola no tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso ny kaontin'ny BIANCO isan-taona.

TOKO FAHA III NY ANDRAIKITRA SY NY FAHEFAN'NY BIANCO

And. - 44. – Ny Birao mahaleo-tena miady amin'ny kolikoly dia manana ireto andraikitra ireto :

1. Mitrandraka ny vaovao sy ny famotopotorana mikasika ny fangatahana, fanamelohana na fitarainana mikasika ny zava-misy ahiahiana ho kolikoly

assimilées, notamment les infractions introduites ou modifiées dans la présente loi, ainsi que sur des faits constatés sur la base d'une saisine à son initiative. Le Bianco est habilitée à enquêter sur les constatations incidentes d'infractions à l'occasion des faits dont il est régulièrement saisi ;

2. rechercher dans la législation, les règlements, les procédures et les pratiques administratives les facteurs de corruption afin de recommander des réformes visant à les éliminer ;
3. dispenser des conseils pour la prévention de la corruption à toute personne ou organisme public ou privé et recommander des mesures, notamment d'ordre législatif et réglementaire, de prévention de la corruption. Le Bianco est en charge d'appuyer les institutions de la République, notamment le Gouvernement, sur la mise en œuvre d'une politique sectorielle de lutte contre la corruption. De rencontre de coordination des actions sont organisées annuellement entre le Gouvernement et le BIANCO ;
4. éduquer la population sur les dangers de la corruption et la nécessité de la combattre, mobiliser les soutiens publics ;
5. appuyer le ministère en charge de l'éducation nationale dans l'élaboration et la mise en œuvre de programmes d'éducation sur la lutte contre la corruption destinés au système national d'éducation et aux structures nationales de formations professionnelles et professionnalisantes ;
6. recevoir une copie des déclarations de patrimoine des personnes assujetties de par la Constitution ; mais aussi recueillir, conserver et exploiter les déclarations de patrimoine des personnes assujetties de par la Constitution, les lois et les règlements ;
7. saisir le Ministère Public à l'issue de ses enquêtes préliminaires, des faits susceptibles de constituer des infractions de corruption ou assimilées ainsi que sur les constatations y incidentes ;
8. soumettre aux Comités consultatifs sur les enquêtes préliminaires, les faits ne constituant pas des infractions de corruption, les plaintes non susceptibles d'enquêtes ainsi que les enquêtes préliminaires auxquelles il ne peut y être donnée une suite pénale ;
9. sur leur demande, prêter son concours aux autorités policières ou judiciaires nationales et internationales ;
10. coopérer avec les organismes nationaux, étrangers et internationaux de lutte contre la corruption et infractions assimilées.

Article 45.- Dans le cadre des dispositions du Code de procédure pénale et sans préjudice des pouvoirs dévolus aux officiers de police judiciaire, le Directeur

- ary ireo fandikan-dalàna mitovy amin'izany. Anisan'izany ireo fandikan-dalàna nampidirina na nahitsy ato amin'ity lalàna ity, sy ireo zava-misy hita teo am-panadihadiana izay niainga amin'ny fanapahan-kevitra izy ireo manokana. Ny BIANCO dia afaka manadihady ireo fandikan-dalàna hita avy amin'ny fitarainana izay entina eo aminy ;
2. Mitady ao amin'ny lalàna, ny fitsipika, ny fomba arahina ary ny fomba fanao ara-panjakana ny anton'ny kolikoly mba anaovana famarafarana amin'ny fanavaozana ikendrena ny hanafoanana ny kolikoly ;
 3. Manome toro-hevitra mba hisorohana ny kolikoly amin'ny olona na fikambanana miankina amin'ny fanjakana na tsia, ary mametraka fepetra anisan'izany ny lalàna sy ny fitsipika mba hisorohana ny kolikoly. Ny BIANCO no miandraikitra ny fanampiana ny andrim-panjakan'ny Repoblika, indrindra ny Governemanta eo amin'ny fanatanterahana ny sehatr'asa politika manohitra ny kolikoly. Misy ny fihaonana isan-taona eo amin'ny BIANCO sy ny governemanta handrindrana ny lamin'asa;
 4. Manabe ny vahoaka momba ny loza ateraky ny kolikoly sy ny tokony hiadiana amin'izany, ny fanetsiketsehana ny saim-bahoaka mba hanohana io ady io ;
 5. Manohana ny ministera miandraikitra ny fanabeazam-pirenena eo amin'ny famolavolana sy ny fampiharana ny fandaharanam-pianarana mikasika ny ady amin'ny kolikoly, natokana ho an'ny rafi-mpampianarana nasionaly sy ireo rafi-mpiofanana nasionaly sy arak'asa;
 6. Mandray ny kopian'ny fanambaram-pananan'ny olona tokony hanao izany araka ny lalàm-panorenana, fa koa manangona, mitahiry ary mitrandraka ny fanambaram-pananana ataon'ny olona tokony hanao izany araka ny lalàm-panorenana sy ny lalàna ary ny fitsipika ;
 7. Mampità any amin'ny Fampanoavana ao aorian'ny fanadihadiana voalohany, ireo trangan-javatra mety handrafitra ny kolikoly na ny mitovy amin'izany miaraka amin'ireo zavatra hita nandritra ny fanadihadiana;
 8. Mametraka ao amin'ny komity fakan-kevitra ao aorian'ny fanadihadiana voalohany ny trangan-javatra tsy mahafeno ny fepetran'ny kolikoly, ny fitoriana tsy ilàna fanadihadiana ary ny fanadihadiana voalohany izay tsy tokony ho tonga any amin'ny fanamelohana am-ponja.
 9. Araky ny fangatahany, manampy ny rafitra eny anivon'ny polisy sy rafitra ara-pitsarana nasionaly sy maneran-tany ;
 10. Miara-miasa amin'ny rafitra nasionaly, avy any ivelany ary maneran-tany izay miady amin'ny kolikoly sy ny fandikan-dalàna mitovy amin'izany.

And. 45.- Ao anatin'ny fepetra voalazan'ny fehezan-dalàna mikasika ny paik'ady heloka, izay tsy manohintohina ny fahefana hananan'ny mpiandraikitra ny

Général est investi des pouvoirs octroyés aux Officiers de Police Judiciaire.

Par dérogation aux articles 123 à 128 du même Code et dans l'exercice de sa mission d'enquête, il n'est cependant pas soumis au contrôle hiérarchique des procureurs généraux et des officiers supérieurs de police judiciaire. Il peut garder la confidentialité des résultats de ses investigations jusqu'à la clôture du dossier et sa transmission au Parquet.

A ce titre, il est habilité à constater les infractions de corruption et infractions assimilées, à en rassembler les preuves, à en rechercher les auteurs et le cas échéant à procéder à une arrestation.

A cet effet, il peut donner des ordres écrits aux officiers et agents du Bureau Indépendant Anti-Corruption.

En cas de besoin, le Directeur Général peut requérir directement le concours de la force publique.

En tout état de cause, les présentes dispositions n'excluent pas toute forme de coopération avec les différentes entités dotées de pouvoir de police judiciaire.

Article 46.- Dans l'exercice de sa fonction, le Directeur Général a le pouvoir d'autoriser un Officier à mener des investigations et des recherches.

Un mandat écrit du Directeur Général est nécessaire pour :

1. accéder aux données et procéder à toute vérification des documents, dossiers sur tout support relatifs à tout service public de l'Etat, toute Collectivité Territoriale ou tout établissement public, nonobstant toute disposition contraire ;
2. s'introduire dans tous locaux et bâtiments publics et requérir tout agent et autorité publics quel que soit leur rang dans la hiérarchie pour fournir tout renseignement sur l'organisation, le fonctionnement et les attributions au sein du service et produire toute documentation y afférente ;

fikarohana fandikan-dalàna, ny Tale Jeneraly dia manana fahefana nomena ny mpiandraikitra ny fikarohana fandikan-dalàna.

Ho fandinganana ny voalazan' ireo andininy faha 123 ka hatramin'ny 128 an'io fehezan-dalàna io ary eo amin'ny fanantanterahany ny asa famotorana, izy dia tsy fehezin'ny fanaraha-mason'ny ambaratongam-piambonian'ny Tonian'ny Fampanoavana Ambony sy ny mpiandraikitra ambony ny fikarohana ny fandikan-dalàna. Izy dia afaka mitazona ho tsy ambaratelo ny vokatra azo avy amin'ny fanaovana fanadihadiana nataony mandra-pikaton'ny antontan-taratasim-panadihadiana sy ny fampitàna azy any amin'ny Fampanoavana.

Noho izany, izy dia afaka manamarina ireo fandikan-dalànan'ny kolikoly sy ireo fandikan-dalàna mitovy, manangona ny porofo, mitady ny tompon'antoka tamin'izany ary raha ilaina manao fisamborana.

Araka izany dia afaka manome baiko an-tsoratra ireo mpiandraikitra sy mpitarika ao amin'ny Birao mahaleo-tena miady amin'ny kolikoly izy.

Raha ilaina, ny Tale Jeneraly dia afaka mangataka mivantana ny fanampian'ny mpitandro filaminana.

Na ahoana na ahoana, ireo fepetra ireo dia tsy manakana ny endrika fiaraha-miasa amin'ny fikambanana, amin'ny hery samy hafa eo amin'ny fikarohana ny fandikan-dalàna.

And. 46.- Eo ampanatontosana ny asany, Tale Jeneraly dia manana fahefana hanome alalana ny mpiandraikitra fikarohana fandikan-dalàna hitarika ny fanaovana fanadihadiana sy fikarohana.

Ny fahefana an-tsoratra ny Tale Jeneraly dia ilaina amin'ny :

1. Fahafahanamiditra sy manamarina ny tahirin-kevitra, antonta-taratasy mahakasika ny sampan-draharaham-panjakana rehetra, ny vondrom-bahoaka isam-paritra, ny antokon-draharaham-panjakana, na dia eo aza ny fitsipika rehetra manohitra.
2. Miditra any amin'ny toerana sy tranom-panjakana rehetra ary hitakiana amin'ireo mpandraharaha sy ny manam-pahefana n'inona n'inona laharany eo amin'ny rafitra an-tanan-tohatra mba hanome izay rehetra tokony ho fantatra momba ny fandaminana, ny fampandehanana ary ny anjara andraikitra eo anivon'ny sampan-draharaha sy fanomezana ny antotan-taratrasy mifandraika amin'izany

3. examiner et exploiter les informations contenues dans les déclarations de patrimoine ;
4. auditer les comptes sociaux des personnes morales de droit privé et requérir la production de tout document utile à l'enquête. Le caractère secret ou confidentiel des pièces ne pourra alors être opposé ;
5. inspecter les comptes en banque ou autres institutions financières du suspect, de son époux (se), de ses parents ou enfants, et requérir la production de tout document utile à l'enquête. Le caractère secret ou confidentiel des pièces ne peut alors être opposé ;
6. requérir l'établissement par le suspect d'une déclaration écrite sur les biens lui appartenant ou en sa possession, ou en celle de ses agents ou associés au cours des trois dernières années avec des précisions sur la copropriété, l'origine, le prix ou autres, ladite déclaration pourra servir de preuve à son encontre ;
7. requérir l'établissement par le suspect d'une déclaration écrite sur le mouvement de son patrimoine au cours des trois dernières années ;
8. requérir de toute personne des éléments d'informations sur la propriété ou la possession d'un bien et/ou de toute autre information relative à l'investigation, et/ou de produire des documents en sa possession ou sous son contrôle ;
9. et plus généralement, exercer certaines de ses attributions ou pouvoirs propres dans des conditions bien déterminées.
10. User des techniques d'investigations spéciales nécessaires à la manifestation de la vérité telles que la surveillance, l'infiltration, la livraison surveillée, ainsi que toutes techniques permises par le recours aux nouvelles technologies de l'information et de la communication.

Article 47.- Sans préjudice des dispositions constitutionnelles législatives et réglementaires en vigueur relatives aux immunités et privilèges accordés à certaines catégories de personnes et lesquels prennent effet à partir de la phase poursuite exercée par le Ministère public, conformément aux articles 147, 172 et 175 du Code de procédure pénale Malagasy, toute personne suspectée d'être auteur, co-auteur, complice ou instigateur de fait de corruption ou d'infraction assimilée à la corruption peut faire l'objet d'audition dans le cadre d'une enquête

3. Mandinika sy mitrandraka ireo vaovao azo amin'ny fanambarampananana ;
4. Mitsirika ny fanambarana ara-bolan'ny fikambanana mizaka ny zo maha-olona tsy miakina ary mitaky ny antontan-taratasy ilaina amin'ny fanadihadiana. Ny maha tsiambaratelo ireo taratasy voalaza etsy ambony ireo dia tsy azo enti-manohitra izany;
5. Manao fitsirihana ny toe-bola any amin'ny bankyna any amin'ny andrim-pitatanam-bola hafa ny olona ahiana, ny vadiny, ny ray aman-dreniny na ny zanany ary mitaky ny antontan-taratasy rehetra ilaina amin'ny fanadihadiana. Ny maha tsiambaratelo ireo taratasy voalaza etsy ambony ireo dia tsy azo enti-manohitra izany
6. Mitaky ny hanaovan'ny olona ahiana fanambarana an-tsoratra amin'ny antsim-pirihany ny fananany na ny eo am-pelatanany, na koa eo ampelatanan'ny olom-peheziny na ny mpiara-miombon-antoka aminy ao anatin'ny telo taona farany, miaraka amin'ny fanoritana mazava tsara ny fiaviany, ny vidiny sy ny sisa. Io fanambarana io dia afaka ampiasana ho porofo ho an'ny voaheloka ;
7. Mitaky ny hanaovan'ny olona ahiana fanambarana an-tsoratra ny fiovaovan'ny fananany nandritra ny telo taona farany ;
8. Mitaky amin'ny olona rehetra ny vaovao amin'ny fananana rehetra, na ny fihazonana fananana na ireo vaovao hafa rehetra mifandraika amin'ny fanadihadiana atao ary hanome ny tahiri-kevitra ananany na eo ambany fahefany ;
9. Aryamin'ny akapobeny, manantanteraka ny sasantsasany amin'ny anjara asany na ny fahefana manokana nomena azy ao anatin'ny fepetra voafaritra mazava tsara.
10. Mampiasa fomba fanadihadiana manokana izay ilaina amin'ny fahitana ny marina toa ny fanaraha-maso, ny firotsahana antsehatra mba ahafahana mitsirika sy mamantatra ny zava-misy, ny famelana ny toe-javatra hitranga mba ahafahana manaramaso sy mahazo porofo avy amin'izany, ary koa ireo fomba hafa izay mampiasa ny teknolojia vaovaon'ny fampitam-baovao sy ny fifandraisana.

And. 47. – Tsy manohintohina ny voalazan'ny lalàm-panorenana, ny lalàna ary ny didim-panjakana mifandraika amin'ny tombotsoa omena ny sokajin'olona sasany izay mihatra avy hatrany ao aorian'ny fanenjehana ataon'ny fampanoavana, araka ny andininy faha 147, 172, 175 ny fehezan-dalàna paik'ady heloka, ny olona rehetra ahiana ho tompon'antoka, mpiara- mombon'antoka, mpiray tsikombakomba na nihavian'ny hevitra ny amin'ny hanaovana kolikoly na fandikan-dalàna mitovy amin'ny kolikoly dia azo henoina izy amin'ny

préliminaire.

Article 48.- Outre le cas de flagrance, l'Officier peut procéder à une perquisition conformément aux dispositions du Code de procédure pénale. Dans ce cadre, tous papiers, documents, objets ou substances pouvant servir de pièces à conviction, ainsi que tous objets, valeurs ou marchandises liés aux actes de corruption et infractions assimilées peuvent être saisis et scellés.

Il peut relever des empreintes digitales, prendre toutes photos, et généralement effectuer tout procédé qu'il estime utile à la constatation d'une infraction.

Article 49.- Sur autorisation expresse et écrite du Directeur Général, un Officier peut procéder à l'arrestation immédiate d'un suspect pour les besoins de l'investigation.

L'Officier, à ce titre, dispose des pouvoirs et moyens nécessaires à l'arrestation et a le droit de requérir directement le concours de la force publique pour l'exécution de sa mission.

Le suspect arrêté doit être conduit dans les locaux du Bureau Indépendant Anti-Corruption ou de la police pour y être interrogé. Dans tous les cas, les textes de loi relatifs à la garde à vue et aux droits de la défense doivent être respectés.

Article 50.- Tout refus ou empêchement porté aux pouvoirs d'investigation du Directeur Général dans l'exercice de ses fonctions est considéré comme une entrave au bon fonctionnement de la justice et qualifié à ce titre comme une infraction, punie d'un emprisonnement d'un mois à trois ans et d'une amende de 250 000 Ariary à 5 millions Ariary ou l'une de ces deux peines seulement.

Il en est de même pour toute falsification de documents.

Toute infraction à l'alinéa 2, 1° et 2° de l'article 46 sera considérée, lorsqu'elle émane d'un agent public, comme une faute détachable de la fonction et pourra, en conséquence, engager la responsabilité personnelle de l'agent.

Article 51.- Le Directeur Général peut demander la délivrance d'une ordonnance de saisie conservatoire aux fins d'empêcher un suspect de disposer de ses biens jusqu'à l'issue de la procédure.

fanadihadiana sava ranon'ando.

And. 48 – Ankoatra ny fahatratrarana ambody omby, ny mpiandraikitra dia afaka mitarika fikarohana araka ny fehezan-dalàna paik'ady heloka. Amin'izany, ny taratasy, ny tahirin-kevitra na zavatra azo ampiasaina ho porofo, ny fananana rehetra, zava-tsarobidy na entana mifandraika amin'ny kolikoly sy fandikan-dalàna dia azo giazina ary asiana toambo-kase.

Mety handray ny dian-tànana amin'izany, maka sary amin'ny ankapobeny dia manao ny fomba rehetra ilaina, ahafahana mampiseho ny trangan'ny fandikan-dalàna.

And. 49. – Ao aorian'ny fahazoan-dalana manokana sy an-tsoratra avy amin'ny Tale Jeneraly, ny mpiandraikitra dia afaka misambotra avy hatrany ny olona iray ahiahiana mba ahafahana mampandroso ny fanadihadiana.

Ny mpiandraikitra amin'izany dia manana fahefana sy fitaovana ilaina amin'ny fisamborana ary manana zo hitaky avy hatrany ny fanampian'ny polisim-pirenena amin'ny fanantanterahana ny asany.

Ny olona ahiana ka voasambotra dia tokony entina eny amin'ny biraon'ny BIANCO na biraon'ny polisy mba alaina am-bavany. Amin'ny fomba rehetra, ny lalàna mikasika ny famonjana sy ny zo amin'ny fiarovan-tena dia tsy maintsy hajaina.

And. 50. – Ny fandavana na ny fanakanana manoloana ny fahefam-panadihadiana ataon'ny Tale Jeneraly eo ampanantotosana ny asany dia heverina ho fanohitohinana ny rariny ary azo lazaina ho fandikan-dalàna, voasazy iray volana ka hatramin'ny telo taona an-tranomazina ary miampy lamandy 250 000 ariary ka hatramin'ny 5 tapitrisa ariary na ny iray amin'ireo sazy roa ireo.

Toa izany ihany koa ny fanaovana hosoka amin'ny antontan-taratasy.

Ny fandikan-dalàna voalaza ao amin'ny andalana 2, 1° sy 2° amin'ny andininy faha 46 dia heverina fa fahadisoana misaraka amin'ny asany raha olom-panjakana no nanao izany, ary maningotra ny tenany manokana izy amin'izany.

And. 51. – Ny Tale Jeneraly dia afaka mangataka ny hamoahana didi-pitsarana figiazana mba tsy ahafahan'ny olona iray ahiana na voarohirohy hampiasa ny fananany mandram-pahavitan'ny raharaha.

Tout détournement de biens saisis sera puni des peines portées en l'article 406 du Code pénal.

Article 52.- Le Directeur Général peut requérir une interdiction de sortie du territoire à tout suspect auprès des autorités compétentes.

A ce titre, tout ou partie des documents de voyage peut faire l'objet d'une confiscation.

Article 53. - Le Directeur Général peut demander aux autorités judiciaires le pouvoir de procéder à l'interception des communications et télécommunications des suspects.

Article 54.- Tout acte d'investigation qui est la phase du procès pénal avant le déclenchement des poursuites peuvent être menés par le BIANCO sans autorisation préalable sur toute personne, suivant un mandat émanant du Directeur Général ou du Directeur Général Adjoint ou du chargé d'intérim, en cas d'absence ou d'empêchement du Directeur Général et du Directeur Général Adjoint.

Le pouvoir de signature du mandat écrit peut faire l'objet d'une délégation expresse du Directeur Général aux directeurs territoriaux, ou en cas d'absence de celui-ci, du Directeur Général Adjoint ou à défaut du chargé d'intérim, avec possibilité de subdélégation à un officier du Bureau ayant au moins rang d'officier divisionnaire du Bureau conformément à la classification du personnel.

CHAPITRE IV DE L'OBLIGATION DE RESPECT DE LA CONFIDENTIALITE ET DU SECRET

Article 55.- Tout le personnel du Bureau Indépendant Anti-Corruption et de ses branches territoriales sont tenus de préserver la confidentialité et le secret relatifs au fonctionnement interne et aux enquêtes préliminaires menées par le Bureau.

Hors les cas où la loi les oblige ou les autorise à se porter dénonciateurs, tout membre du Bureau Indépendant Anti-Corruption et de ses branches territoriales qui aura révélé tout ou partie de ces informations confidentielles ou de ces secrets sera puni d'une peine d'emprisonnement de cinq à dix ans et

Ny fanodikodinana entana voageja dia ho saziana amin'ireo sazy voalaza ao amin'ny andininy faha 406 ny fehezan-dalàna famaizana.

And. 52. – Ny Tale Jeneraly dia afaka mitaky eo anivon'ny manam-pahefana, ny tsy amelana ny olona voarohirohy hivoaka ny tanim-pirenena.

Arak'izany, ny taratasy mpivanihanana rehetra na amin'ny ampahany dia azo giazana.

And. 53. – Ny Tale Jeneraly dia afaka mangataka amin'ny manam-pahefana ara-pitsarana ny fahefana hanao ny fihainoana, ny fifandraisana sy fifandraisan-davitrin'ny voarohirohy.

And. 54. – Ny asa fanadihadiana izay dingana ao anatin'ny fitsarana sy mialohan'ny fanombohana ny fanenjehana dia mety ataon'ny BIANCO tsy misy alalana mialoha avy amin'ny olona, manaraka ny fahefana an-tsoratra avy amin'ny Tale Jeneraly na Tale Jeneraly lefitra na ny mpisolo toerana amin'ny fandraisana andraikitra, raha misy tsy maha eo na tsy maha afaka ny Tale Jeneraly na ny Tale Jeneraly lefitra.

Ny fahafahana manome fahefana an-tsoratrada afaka afindran'ny filoha Tale Jeneraly any amin'ny Tale-paritra na raha misy tsy maha eo azy, any amin'ny Filoha Tale Jeneraly lefitra, na koa any amin'ny ny mpisolo toerana amin'ny fandraisana andraikitra, miaraka amin'ny fahafahana mampita izany any amin'ny mpiasan'ny birao manana ny laharanam-boninahitra Lehiben'ny Sampana ao amin'ny Birao farafaha-keliny araka ny fitsinjarana ny mpiasa.

TOKO FAHA IV NY ADIDY AMIN'NY FANAJANA NY TSIAMBARATELO

And. 55. – Ny mpiasan'ny BIANCO sy ny rantsany any amin'ny faritany dia tsy maintsy manaja ny tsiambaratelon'ny fampandehanana ny asa sy ny fanadihadiana sava ranon'ando ataon'ny Birao.

Ankoatra ny tranga izay hanerena na hanomezan'ny lalàna azy ireo hiampanga, ny mpiasan'ny Birao sy ny rantsany any amin'ny faritany izay mamboraka manontolo na am-pahany ny tsiambaratelo dia ho saziana an-tranomazina 5 taona ka hatramin'ny 10 taona miampy lamandy 1 tapitrisa ariary ka hatramin'ny

d'une amende de 1 million Ariary à 20 million Ariary.

Les anciens membres du Bureau Indépendant Anti-Corruption sont tenus à cette obligation de confidentialité et de secret. Toute violation de cette obligation constitue une infraction passible des peines prévues à l'alinéa 2 ci-dessus.

Sera puni d'une peine d'emprisonnement de deux à cinq ans et d'une amende de 200.000 Ariary à 4 million Ariary toute personne qui aura :

- révélé l'identité ou tous renseignements pouvant conduire à l'identification d'une personne faisant encore l'objet d'une enquête au sein du Bureau, sauf les cas des personnes recherchées en vertu d'un mandat d'arrêt ou frappées d'interdiction de sortie du territoire ;
- révélé tous renseignements pouvant porter atteinte à l'intégrité d'une investigation conduite par le Bureau.

CHAPITRE V DE LA PROTECTION DES DENONCIATEURS, DES TEMOINS ET LANCEURS D'ALERTE

Article 56.- Le Directeur Général veille à ce que :

1. l'identité des personnes en cause dans le cadre d'une dénonciation soit protégée, notamment celle du ou des dénonciateurs, des témoins et lanceurs d'alerte présumé de l'acte de corruption ;
2. les mécanismes visant à assurer la protection de l'information recueillie et liée à une dénonciation soient mis en place.

Article 57.- Au cours d'un procès civil ou pénal, le témoin d'une affaire de corruption ne peut être contraint de révéler le nom et l'adresse d'un dénonciateur ou d'un informateur du Bureau Indépendant Anti-Corruption, ni de répondre à des questions permettant d'identifier le nom ou l'adresse d'un dénonciateur ou d'un informateur du Bureau Indépendant Anti-Corruption lorsque le dénonciateur ou l'informateur lui-même n'est pas cité en tant que témoin dans cette procédure.

Si après une investigation complète de l'affaire, il ressort que les déclarations du dénonciateur sont fausses ou ne reflètent pas la vérité, ou que la justice ne peut se prononcer sans que l'identité du dénonciateur ou de l'informateur ne soit révélée, le Tribunal peut lever l'interdiction du précédent alinéa.

20 tapitrisa ariary.

Ireo mpikamban'ny BIANCO teo aloha dia tsy maintsy manaja izany tsiambaratelo izany. Ny fandikana izany dia fandikan-dalàna ary mahavoasazy amin'ireo sazy voatanisa ao amin'ny andalana faha 2 etsy ambony.

Ho saziana an-tranomazina roa taona ka hatramin'ny 5 taona miampy lamandy 200 000 ariary ka hatramin'ny 4 tapitrisa ariary ny olona izay:

- Mamboraka ny mombamomba na ny filazalazana mety hitarika amin'ny fahafantarana ny olona iray mbola fotorana any amin'ny birao, afa tsy ny olona tadiavina nahazoana didy fisamborana na iharan'ny fandrarana tsy hivoaka ny tanim-pirenena ;
- Mamboraka ny filazalazana mety hampisy fiantraikany amin'ny firindran'ny fanadihadiana ataon'ny BIANCO.

TOKO FAHA V NY FIAROVANA NY MPITORY SY NY VAVOLOMBELONA

And. 56. – Ny Tale Jeneraly no miantoka ny :

1. Fiarovana ny tsiambaratelo ny mombamomba ny olona voakasika amin'ny fitorohana, anisan'izany ny mpitoroka, ny vavolombelona ary ireo mpampahafantatra ireo lazaina fa manao kolikoly ;
2. Ny fomba fiasa ahafahana miaro ny vaovao voahangona sy mifandrohy amin'ny fitorohana

And. 57. – Mandritra ny fitsarana madio na ady heloka, ny vavolombelona amin'ny raharahan'ny kolikoly dia tsy voatery hamoaka ny anarana sy adiresy ny mpitoroka na ny mpanome vaovao ny BIANCO, na hamaly fanontaniana mety ahafantarana ny anarana sy adiresy ny mpitoroka na ny mpanome vaovao ny BIANCO raha toa ka tsy voatonona ho vavolombelona ny mpitoroka sy ny mpanome vaovao ao anatin'ny raharaha.

Raha hita fa diso na tsy mitombina ny fanambaran'ny mpitory ao aorian'ny fanadihadiana feno ny raharaha na koa tsy ahitana ny marina, na koa tsy afaka mamoka ny heviny ny fitsarana raha tsy voatery mampahafantatra ny mombamomba ny mpitoroka na ny mpanome vaovao, ny tribonaly dia afaka

Article 58.- Il est interdit d'exercer des représailles contre un dénonciateur ou un témoin.

Article 59.- Le dénonciateur ou le témoin, qui s'estime victime de représailles, peut déposer une plainte écrite auprès du Bureau Indépendant Anti- Corruption.

Sur réception d'une telle plainte, le Bureau Indépendant Anti-Corruption instruit l'affaire et, s'il constate que le plaignant a été victime de représailles, il saisit la juridiction compétente et lui transmet le résultat de ses investigations. La juridiction compétente peut, selon les cas, enjoindre l'administration ou l'employeur concerné, de prendre en faveur de la victime toutes les mesures nécessaires pour :

1. la réintégrer à son poste de travail ;
2. lui verser une indemnité équivalente au plus à la rémunération qui lui aurait été payée en cas de suspension de solde ;
3. annuler toute mesure disciplinaire ou autre prise à son encontre. Si elle est un agent public, lui payer une indemnité équivalente au plus à la sanction pécuniaire ou autre qui lui a été infligée ;
4. lui accorder le remboursement des dépenses et pertes financières découlant directement des représailles ;
5. faire cesser toute autre forme de représailles.

manala ny fandrarana voalaza etsy ambony.

And. 58. – Voarara ny mamaly faty ny mpitoroka na ny vavolombelona.

And. 59. – Ny mpitoroka na ny vavolombelona izay mihevitra fa hiharan’ny valifaty dia afaka mametraka fitarainana an-tsoratra eny amin’ny BIANCO.

Eo ampandraisana izany fitarainana izany, ny BIANCO dia manao fanadihadihana ka raha hita fa iharan’ny valifaty tokoa ny mpitoroka dia mitondra ny raharaha eo anatrehan’ny fitsarana mahefasy manome ny vokatry ny fanadihadiana izy. Ny fitsarana mahefa, araka ny fisehoan-javatra, dia afaka manery ny fanjakana na ny mpampiasa voakasika, mba handray ny fepetra rehetra ho an’ny trapahavoazana mba :

1. Hamerenana azy indray amin’ny asany ;
2. Anomezana azy tamby mitovy raha be indrindra amin’ny karama tokony ho noraisiny raha nisy fahatapahany ny fandoavana izany ;
3. Hanafoanana ny fepetra famaizina ara-pitsipi-pifehezana noraisina momba azy. Raha mpiasam-panjakana izy, anomezana azy tamby mifandraika farahafahabeany amin’ny sazy ara-bola na hafa ihany koa izay nampiharina taminy ;
4. Hanonerana aminy ny fandaniana sy ny fatiantoka ara-bola nateraky ny valifaty ;
5. Atsahatra izay endrika valifaty rehetra.

TITRE III DISPOSITIONS FINALES

Article 60.- Des textes réglementaires préciseront en tant que de besoin les modalités d'application de la présente loi.

Article 61.- Sont et demeurent abrogées toutes dispositions contraires à la présente loi notamment la Loi n°2004-030 du 09 septembre 2004 sur la lutte contre la corruption.

Article 62.- La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Promulguée à Antananarivo, le 22 août 2016

RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial

LOHATENY FAHATELO FEPETRA FARANY

And. 60. – Didy amam-pitsipika no hamaritra amin’ny antsipirihany raha ilaina ny fomba fampiharana ity lalàna ity.

And. 61 – Ireo ary nofoanana izay fepetra mifanohitra amin’ity lalàna, anisan’izany ny lalàna 2004-030 tamin’ny 09 septambra 2004 mikasika ny ady atao amin’ny kolikoly.

And. 62. – Io lalàna io dia havoaka ao amin’ny gazetim-panjakan’ny Repoblika. Ho tanterahinaho toy ny lalàm-panjakana izy.

Avoaka hanan-kery, ao Antananarivo, ny 22 aogositra 2016

RAJAONARIMAMPIANINA Hery Martial

Le présent document a été réédité avec l'appui du Programme des Nations Unies pour le Développement (PNUD) dans le cadre de la mise en oeuvre du projet d'Appui à la Gouvernance Démocratique à Madagascar financé par le Fonds des Nations Unies pour la Consolidation de la Paix (PBF). Ce projet vise à renforcer la confiance des citoyens envers les institutions publiques à travers un appui aux institutions de lutte contre la corruption et de redevabilité ainsi que la création d'espaces de dialogue et d'accès à l'information.



Nations Unies
Consolidation de la paix
UN PBF - Fonds pour la
Consolidation de la Paix

